REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-24

FIFIDIANANA:
- SOLOMBAVAMBAHOAKA IRAY HISOLOTENA NY ANTENIMIERAMPIRENENA HO MPIKAMBANA AO AMIN'NY VAOMIERA MALAGASY MIANDRAIKITRA NY KAJY MIRINDRA SY NY FAHAFAHANA NA NY "COMMISSION MALAGASY DE L'INFORMATIQUE ET DE LA LIBERTÉ" (CMIL),
- NY FILOHAN'NY VAOMIERA MISAHANA NY FIAMPANGANA MANOLOANA NY FITSARANA AVO NA "ELECTION DU PRESIDENT DE LA COMMISSION DE MISE EN ACCUSATION DEVANT LA HAUTE COUR DE JUSTICE (HCJ)",
- SOLOMBAVAMBAHOAKA ROA (02) TOMPON-TOERANA SY SOLOMBAVAMBAHOAKA ROA (02) MPISOLO TOERANA HO EO ANIVON'NY FITSARANA AVO NA NY HCJ

Fivoriana faha-13
Natao ny
Alatsinainy 2 Desambra 2024
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA**: Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA**: Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 20; tsy tonga: 143; voaalatsiny: 00

**FOTOANA**: Alatsinainy 2 Desambra 2024 tamin'ny 11 ora, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA**: Fifidianana:
- Solombavambahoaka iray hisolotena ny Antenimierampirenena ho mpikambana ao amin'ny Vaomiera Malagasy Miandraikitra ny Kajy Mirindra sy ny Fahafahana na ny "Commission Malagasy de l'Informatique et de la Liberté" (CMIL).

- ny Filohan'ny Vaomiera misahana ny Fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo na "Election du Président de la Commission de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)".

- Solombavambahoaka roa (02) tompon-toerana sy Solombavambahoaka roa (02) mpisolo toerana ho eo anivon'ny Fitsarana Avo na ny HCJ.

Nitohy ny Alatsinainy 2 Desambra 2024 tamin'ny 11 ora, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.
Andriamatoa TOKELY Justin Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nanambara ny fitohizan'ny fivoriana ary taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana ny tenany.
Nanatontosa izany, Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa araka ny Lalàna laharana faha-2021-001 tamin'ny 21 Aprily 2021 mikasika ny famatsiam-bola ho an'ny "gouvernance digitale" izay manambara ny fifandraisan'ny fanjakana sy olom-pirenena amin'ny alàlan'ny fampiasana ny teknolojia vaovao, toy ny "informatique". Misy ihany koa ny lalàna laharana faha-2014-038 "Sur la protection des données à caractère personnel" miaro ny tsiambaratelon'ny olom-pirenena. Ny andininy faha-28 amin'io lalàna io no milaza ny fananganana ny CMIL. Ny andininy faha-29 kosa manambara fa 9 no isan'ny mpikambana ao anatin'io rafitra io, ka ny iray amin'ireo dia Solombavambahoaka voafidy amin'ny fivoriamben'ny Antenimierampirenena.

Izany no hirosoana amin'izao fotoana izao, ka ny Solombavambahoaka nirotsaka hofidina amin'izany dia Ramatoa RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka izay hanolotra azy.
Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle no nanao ny fampahafantarana azy, ka toy izao raha fintinina no nambarany:
"Experte en identification numérique" sy «en montage de projet» ny tenany. «Ingénieur de recherche» niara-niasa tamin'ny CMIL tany Frantsa ihany koa izy. «Docteur en mathématique appliquée» Ramatoa Solombavambahoaka.

Raha ny asa nosahaniny indray, efa Governoran'ny Faritra Ihorombe ny tenany ary efa niasa tany Frantsa tamin'ny IDEMIA ny taona 2021 ka hatramin'ny naha Solombavambahoaka azy.
Fehiny, tsy atoro voanjo hadiana Ramatoa Solombavambahoaka raha amin'izay lafiny nomerika izay. Noho izany, manentana ny rehetra mba hifidy azy satria ampy tokoa ny traikefa ananany raha ny sehatra nolalovany no jerena.

Taorian'izay, nisaotra ny solotenan'ny kandidà, Andriamatoa Filoha no sady nanambara fa hiroso amin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka ary niangavy olom-boafidy roa ny tenany hanao ny fanaraha-maso ny fifidianana.

Toy izao no fizotry ny fifidianana: mandroso eny anoloana izay voatonona anarana, maka ny taratasin-datsabato, mankao amin'ny trano fisainana ary avy eo mandrotsaka izany ao anaty vata mangarahara.

Andriamatoa isany: RAFIDIMANANA Narson sy AROSY Namiandrazana François no nanao izany. Nanampy azy ireo tamin'ny fanisam-bato Andriamatoa isany ANDRIANIRINA Narcis sy RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry.

Toy izao no vokatry ny latsabato:

- Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 18.
- Vato manan-kery: 18
- Vato fotsy sy vato maty: 00
- Vato azon-dRamatoa RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie: 18

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho mpikambana ao amin'ny Vaomiera Malagasy Miandraikitra ny Kajy Mirindra sy ny Fahafahana na ny "Commission Malagasy de l'Informatique et de la Liberté" (CMIL) Ramatoa RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie.

Rehefa izany, nirary soa ho azy hahavita be amin'ny adidy sy andraikitra hiantsorohany, Andriamatoa Filoha.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie, fisaorana ny Filohampirenena sy ny Solombavambahoaka nametraka fitokisana taminy no nambarany. Nanome toky fa hitondra ny traikefa rehetra ananany amin'ny fanatanterahana ny asa hosahaniny ao amin'ny CMIL koa ny tenany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomiera misahana ny Fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo (HCJ) ny mpivory.

Nomarihany fa ho fampiharana ny andininy faha-136 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-202 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ahafahana manangana izao Vaomiera manokana izao.

Araka ny voalaza teo, ny Filohan'ny Vaomiera no hofidina androany ary ny Vondrona Parlemantera tsirairay no manolotra ny olona ho mpikambana ao anatiny.
Marihana, fa Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès ihany no nametraka taratasy filatsahan-kofidina amin'io toerana io.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fanolorana ny kandidà ny mpivory.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle no nanao ny fampahafantarana ny kandidà tokana ary toy izao no nambarany:
Andriamatoa Solombavambahoaka dia efa nisahana ny andraikitry ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena. Efa niandrakitra ny «Directeur de projet agricole» tany Morondava. Efa Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika tamin'ny andron'ny Tetezamita ary efa Filohan'ny Filankevi-pitantanan'ny JIRAMA ny taona 2009 ka hatramin'ny taona 2014.

Mpampianatra Mpikaroka ihany koa ny tenany. Manana traikefa momba ny «Management de Développement Sectoriel». Mpahay lalàna ary manana ny «maîtrise en droit privé» sy ny DESS ary manana DEA koa.

Andraikitra lehibe sy manana ny anjaran-toerany eto amin'ny firenena ity adidy hosahaniny ity, koa ny Vondrona Parlemantera IRMAR dia manolotra azy ho fidina amin'io toeran'ny Filohan'ny Vaomiera io. Koa eo anatrehan'izay, mitaona ny rehetra handatsabato ho an'Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès.

Rehefa izany, nisaotra ny Mpanolotra Andriamatoa Filoha no sady nanambara fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombambahoaka.

Toy izao no fizotry ny fifidianana: mandroso eny anoloana izay voatonona anarana, maka ny taratasin-datsabato, mankao amin'ny trano fisainana ary avy eo mandrotsaka izany ao anaty vata mangarahara.

Taorian'izay, niangavy Solombavambahoaka miisa roa hanara-maso ny fandatsaham-bato, Andriamatoa Filoha, ka ireto izy ireo:
Andriamatoa isany, RAFIDIMANANA Narson sy FIAROVANA Lovanirina Célestin.
Nanampy azy ireo tamin'ny fanisam-bato kosa, Andriamatoa isany, ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard sy ANDRIANIRINA Narcis.

Toy izao no vokatry ny latsabato:

- Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 19.
- Vato manan-kery: 19
- Vato fotsy sy vato maty: 00
- Vato azon'Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès: 19

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny Vaomiera misahana ny Fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo azon'Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès.

Nomena fitenenana, Andriamatoa Solombavambahoaka vao voafidy teo, taorian'izay, ka toy izao no nambarany:
Ampifaliana no andraisana ny valim-pifidianana teo na fantatra aza fa tsy mora ny asa sy ny andraikitra miandry. Raisina ho laharam-pahamehana ny adidy amin'ny fanatanterahana ny asa amin'ny maha Solombavambahoaka ny tena.
Efa voasoratra tao anaty Lalàmpanorenana ity Vaomiera ity tamin'ny taona 2010, tonga ny hampiharana azy amin'izao fotoana izao satria zava-dehibe tokoa ny fanatontosana ny lalàna mikasika ity "Haute Cour de Justice" ity. Tsotra ny antony, izay no antsoina amin'ny teny vahiny hoe: «effectivité de l'Etat de droit» izay mitondra ny rehetra amin'ny «engagement de responsabilité politique». Raha fintinina, izay no atao hoe demokrasia.

Voninahitra ho ahy no handraisako ity andraikitra ity ary mamerina ny fisaorana ny rehetra amin'ny fitokisana apetrakareo amiko. Mamerina ny fisaorana ny Vondrona Parlemantera IRMAR sy ho an'Andriamatoa Filoha ihany koa ny tenako.

Nisaotra azy koa, Andriamatoa Filoha ary nirary soa an'Andriamatoa Solombavambahoaka hahatontosa antsakany sy andavany ny adidy apetraka aminy.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiato ny fivoriana ary amin'ny 3 ora, tolak'andro, indray no hitohy, ka ny fandaharam-potoana amin'izany dia fifidianana ireo Solombavambahoaka roa (02) tompon-toerana sy ireo Solombavambahoaka roa (02) mpisolo toerana ho eo anivon'ny Fitsarana Avo na ny HCJ (Haute Cour de Justice).

Nanao satroka Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle ary nanambara fa tokony androany tolak'andro tokoa no hanaovana an'ireo fifidianana ireo, kanefa raha ny fahitana azy, somary vitsy ny Solombavambahoaka tonga izao maraina izao. Mety ho izahay izao ihany no ho avy eto amin'ny tolak'andro, ka mangataka mba haroso izao maraina izao ny fifidianana raha azo atao.

Satroka torak'izany koa no nataon'Andriamatoa MAMINIRINA Jolce Emilien ary nambarany fa mitovy fijery amin-dRamatoa Solombavambahoaka teo ny tenany. Izany hoe, aleo aroso izao maraina izao ny fifidianana.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa voaray ny sosokevitra avy tamin'izy mianadahy saingy hohamarinina aloha raha toa misy mpifaninana hafa amin'ireo toerana ireo.

Rehefa vita ny fanamarinana, hita fa tsy nisy mpifaninana amin'ireo toerana ireo.

Rehefa izany, novakian'Andriamatoa Filoha ny anaran'ireo Solombavambahoaka nametraka ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina tao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly:
- Ho an'ny tompon-toerana, Andriamatoa isany ANDRIANIRINA Narcis sy MAMINIRINA Jolce Emilien.
- Ho an'ny mpisolo toerana, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle sy Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ny hirosoana amin'ny fifidianana satria tsy misy ny mpifaninana araka ny voalaza teo.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa haroso izao maraina izao ny fifidianana ireo Solombavambahoaka roa (02) tompon-toerana sy ireo Solombavambahoaka roa (02) mpisolo toerana ho eo anivon'ny Fitsarana Avo na ny HCJ (Haute Cour de Justice).

Omena telo minitra ny Solombavambahoaka hanao ny fampahafantarana ireo kandidà, hoy Andriamatoa Filoha, taorian'izay.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle no nanao ny fampahafantarana an'Andriamatoa MAMINIRINA Jolce Emilien, ka toy izao no nambarany:
Andraikitra lehibe eto amin'ny firenena no hosahanina ao amin'ny HCJ, ka mila olona mahafehy izany asa izany. Mpitsara misahana ny ady amin'ny fanjakana nandritra ny 10 taona Andriamatoa Solombavambahoaka. Manana traikefa maro momba ny asan'ny mpitsara ihany koa izy. Efa mpanolotsaina tao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana ny tenany. Izany hoe, tsy vahiny amin'ny asa hataony Andriamatoa Solombavambahoaka, ka manentana ny rehetra mba hifidy azy.

Ramatoa RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie no nanolotra an'Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis ka toy izao indray no voalazany:
Mpitsara ihany koa Andriamatoa Solombavambahoaka. Izany hoe, manana ny traikefa lehibe ilaina ao amin'ny HCJ ny tenany amin'ny maha Mpitsara azy. Raha ny Faritra naha voafidy azy dia ao Atsimo Andrefana; izay no ilazana fa manana teknisiana daholo ny Faritra eto amintsika. Efa "Procureur de la République" tao Morondava sy Manakara ary Morombe ny tenany. «Substitut du Procureur de la République» tao Ihosy ary «Greffier en chef» tao Antsiranana ihany koa izy. Izany hoe, feno ny traikefa ilaina amin'ny fidirana ho solotena ao amin'ny HCJ. Koa manentana ny rehetra mba hifidy azy.

Mbola Ramatoa Solombavambahoaka ihany koa ny nanao ny fampahafantarana an'Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, nambarany fa «Administrateur Civil» Andriamatoa Solombavambahoaka. Efa nitantana ny Minisiteran'ny Asam-panjakana sy ny Lalàna Sosialy ny tenany. Fantatra koa fa efa solotenan'ny Antenimierampirenena tao amin'ny HCJ izy tamin'ny taona 2018 ka hatramin'ny taona 2023. Koa manentana ny rehetra hifidy azy.

Ramatoa Solombavambahoaka hatrany no nanolotra an-dRamatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, ka toy izao no nambarany:
Anisan'ny tanora indrindra amin'ny Solombavambahoaka voafidy amin'ny fe-potoana fanaovan-dalàna amin'izao iasantsika izao Ramatoa Solombavambahoaka atolotra etoana. Azo lazaina fa voahaja ny miralenta na iray ihany aza ny vehivavy natolotra hisolotena antsika. Noho izany, miarahaba anao sahady ny tenako.
Raha ny taha azony tamin'ny fifidianana Solombavambahoaka, izy no nahazo taha ambony indrindra tao Farafangana.

Manana ny “compétence d’administration judiciaire et pénitentiaire”, nanao fianarana manokana momba ny «gouvernance», efa nanaraka ny «analyse des organisations publiques» sy ny «politique publique» ihany koa ny tenany. Efa nisahana ny Sekretera Jeneralin’ny Minisiteran’ny Fitsarana nandritra ny fotoana maro. Mpikambana ao amin’ny Filankevitra Ambonin’ny Mpitsara. Efa «Substitut» tao amin’ny Fitsarana teto Antananarivo. Efa “Commissaire Régional” tany amin’ny Faritra DIANA. “Président du Tribunal” tao Antsiranana ihany koa.

Raha fintinina, feno dia feno ny traikefa ananan’izy efatra mianadahy izay hisolotena ny Antenimierampirenena eo anivon’ny HCJ. Koa manentana ny rehetra hifidy azy efatra mianadahy.

Tsy natao hialokalofan’ny mpambotry firenena ny HCJ fa natao kosa mba ho an’ny rehetra hitsara amin’ny rariny sy ny hitsiny, ka mino isika fa izy ireo no hanao izany.

Nambaran’Andriamatoa Filoha, taorian’izay, fa miandry ny biletà tokana ny mpivory ary hiroso amin’ny fifidiana rehefa tonga izany.

Rehefa izany, nitondra fanazavana momba ny Vaomiera Manokana momba ny Fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo na ny «Commission de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice(HCJ)», Andriamatoa Filoha. Nambarany fa efa voafidy teo ny Filoha dia Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès; ny mpikambana ao anatin’ny Vaomiera dia miisa 25, ka rehefa natao ny fampiharana ny andininy faha-47 sy ny andininy faha-174, andalana faharoa ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia toy izao no fitsinjarana ny toerana: ny Vondrona Parlemantera IRMAR, manana toerana 16, ny Vondrona Parlemantera FIRAISANKINA, manana toerana 3, ny Vondrona Parlemantera GPRI, manana toerana 2, ny Vondrona Parlemantera UPAD, manana toerana 2 ary ny «Non inscrits» toerana 1. Anjaran’ny Filoha no mandamina an’izay, fa ny Vondrona Parlemantera tsirairay kosa no manendry ireo olona voalaza teo ireo.
Afaka manatona an’Andriamatoa Sekretera Jeneraly Andriamatoa Filohan’ny Vaomiera amin’ny zavatra hafa tsara ho fantatra ankoatran’izay.

Mikasika ny ho tohin’ny fivoriana indray, rahampitso ny fivorian’ny mpikambana ao amin’ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena arahin’ny fivorian’ny «Conférence des Présidents» handinihana ny fandaharam-potoana manaraka manomboka ny faha-5 Desambra ka hatramin’ny faha-13 Desambra 2024.

Rehefa izany, niangavy Solombavambahoaka miisa efatra, Andriamatoa Filoha, mba hanao ny fanaraha-maso ny latsabato ary nomarihany fa biletà tokana sy vata fandatsaham-bato iray ihany no hampiasaina.

Toy izao no fizotry ny latsabato: miroso eny anoloana izay voatonona anarana, maka ny taratasin-datsabato, mankao amin’ny trano fisainana ary avy eo mandrotsaka izany ao anaty vata mangarahara.

Ireto ny Solombavambahoaka nanara-maso ny fifidianana, Andriamatoa isany: RAZAFINDRAMASY Faralahy Célestin, MANANTENA Hajanirina Dinah, ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard ary AROSY Namiandrazana François

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka.

- Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 20
- Vato manan-kery: 20
- Vato maty sy vato fotsy: 00

- Vato azon'ny tompon-toerana,

Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis: 16
Andriamatoa MAMINIRINA Jolce Emilien: 17

- Vato azon'ny mpisolo toerana,

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle: 17
Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco: 16

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho tompon-toerana hisolotena ny Antenimierampirenena eo anivon'ny Fitsarana Avo (HCJ), Andriamatoa isany: ANDRIANIRINA Narcis, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mahabo sy MAMINIRINA Jolce Emilien, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Manakara.

Ho mpisolo toerana kosa, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Farafangana sy Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Lalangina.

Rehefa izany nirary soa mba hahavita ny adidy apetraka amin'izy ireo, Andriamatoa Filoha, no sady niangavy ny hirosoany eny anoloana handray fitenenana tamin'ny fahalanian'izy efatra mianadahy.

Andriamatoa MAMINIRINA Jolce Emilien no nisolotena azy ireo tamin'ny fandraisana fitenenana, ka fisaorana ny Solombavambahoaka nametraka fitokisana tamin'izy ireo amin'ny hanaovana ny adidy hisoloana tena ny Antenimierampirenena eo anivon'ny Fitsarana Avo no nambarany.

Namerina ny fisaorana azy efatra mianadahy koa, Andriamatoa Filoha ary niarahaba sy nirary azy ireo hahaleo hahalasana amin'ny andraikitra izay hosahaniny eo anivon'ny Fitsarana Avo na ny HCJ.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny Solombavambahoaka, Andriamatoa Filoha, fa rahampitso hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra handinihana ny fandaharam-potoana manaraka manomboka ny faha-5 ka hatramin'ny faha-13 Desambra 2024.

Niato tamin'ny 12 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

ASSEMBLEE NATIONALE
REPOBLIKAN' MADAGASIKARA

**NY FILOHA MPISOLO TOERANA**

**ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin**